# Ny Valosoa sy hadihady
## Fampielezan-kevitra miaraka amin'ny « pesta » 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 9 oktobra 2018 Laharana 824 Vidiny : 400 Ar


**Salamo 14: 1-3** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 07 oktobra 2018


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Fifidianana ny 7 novambra izao 2

# Aza matahotra fa efa eto Dada N°25




Mpanara-mason'ny Vondrona Eoropeana 6

# Hiasa mandritra ny fotoana tsy voafetra



KMMR MANAKARA 3

## Am-perinasa ho fampandresena an'i Dada N°25




**Kandida miisa 21** 2
Nanamafy ny hanaovana ho tomombana ny lisi-pifidianana

**Lehiben'ny fokontany** 3
Notambazana tambin-karama indray

**Ampifitia - 15 Taona** 6
Trano fiangonana FJKM Antohibe no tsangambato

**Daka kely**
Hay tena «spécialité»-nareo sy Raforce ilay kopi-kolé ry Boaikely a !

**Boriboritany faha-3** 5
Nanampy ny CUA tamin'ny fanadiovana ny tanora TIM



FIFIDIANANA NY 7 NOVAMBRA IZAO

# Aza matahotra fa efa eto Dada N°25

Ny alahady teo, nahazo tso-drano teny amin'ny FJKM Imerinkasinina Antananarivo Avaradrano ny kandidà Filoha Marc Ravalomanana N°25 ny maraina. Ny tolakandro, niara-nivavaka tamin'ny rehetra tao amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka ny kandidà filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Vavaka iraisam-pinoana ho fangataham-pitahiana amin'ny fifidianana hatrehina amin'ny 7 novambra ho avy izao, sady ho fangataham-pitahiana ho an' ny kandidà laharana faha-25 no natao tamin' izany. Tamin'izany no nilazan'ny filoha Marc Ravalomanana ireo dina na fanamby 10 hapetrany amin'ny vahoaka Malagasy, anisan'izany ny famerenana ny fandriampahalemana, ny fanomezana sakafo ny vahoaka, ny fampidirana an-tsekoly indray ny zaza Malagasy rehetra, ny fanomezana asa ny rehetra,... Io no antsoiny hoe Manifesto, ary hotohizana amin'ny fampiharana ny MAP 2 (Madagasikara Am-Perinasa) izany avy eo. Omay maraina, mbola nihaona tamin'ireo mpanohana azy rehetra tao Bel'Air Ampandrana i Dada, nampahafantatra ireo rehetra mpiara-miasa aminy hiatrehana ny fampielezankevitra. Anisan'ny nampahafantarina tamin'izany ny talen'ny fampielezan-kevitra dia Rabenja Tsehenoarisoa, izay efa ministry ny atitany tamin'ny fotoan'androny. Ny tolakandro dia niazo an'i Mahajanga i Dada sy ny delegasiona notarihany, hanatrika ny JMJ Mada IX, sady hihaona amin'ny vahoakan'ny faritra Boegny ihany koa. Fa ny herinandro teo dia tany Toliara I sy faha-II ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana. Niazo ny làlam-pirenena faha-9 izy ny zoma teo. Araka ny fanaony dia nitafa tamin'ny mponina tamin' ireo tanàna nolalovany izy. Amin'ny ankapobeny dia mitovy avokoa ny olana mianjady amin'ny vahoaka. Nialoha izany dia nanatanja-tena nihazakazaka sy nilomano ny kandidà Ravalomanana Marc. Ireto avy ireo tanàna nitafany tamin'ny mponina : Mangily, Ambolomailaka, Ankilimalinika, Benetse, Ankililaoka, Andrevo Haut, Ambalaboy, Tsingoritelo. Toy izao ny fitarainana sy fanirian'ny vahoaka :



- Tsy misy ny fandriampahalemana ka tapitra ny omby, misy mangalatra ny taolam-paty, misy ny mpangala-jaza hangalana ny taova.
- Misy mibodo ny tany, ka anisan'izany ny vahiny.
- Tsizarizary ny fitsaboana.
- Maina ny tany, ka tsy manjary ny fambolena, maty mosary ny vahoaka.

Nisongadina tamin'ireo toerana rehetra ireo fa tonga anefa i Dada izao, ka hanao izay hampandaniana azy ny vahoaka hatrany Morombe. Hentitra ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc raha namaly ireo olana mianjady amin'ny vahoaka ireo. Efa nandroso i Madagasikara nandritra ny fotoana nitondrako 2002-2009, hoy izy. Naongana anefa aho. Taorian'izany fanonganam-panjakana izany dia fantatro ireo olana mianjady amin'ny vahoaka na dia voatery nanao sesitany ny tenako aza aho. Efa eto aho izao, ka aza matahotra ianareo fa rehefa lany aho dia :

- Tsy maintsy miverina an-tsekoly avokoa ny zaza Malagasy rehetra.
- Tsy ho mosarena intsony ny Malagasy satria hamorona asa isika.
- Ho afaka mitsabo tena avokoa ny rehetra.
- Raha misy maka ny tanin'ny Malagasy dia ho roahina hiala teto.
- Tsy azo hatao intsony ny manondrana omby.
- Haverina ny fandriampahalemana, ka ho afaka hamokatra tsara ny vahoaka ary tsy hisy intsony ny mosary.

Ny folakandron'ny zoma dia teo amin'ny kianja malalaka MAGRO, Andaboly, no nifamotoana tamin'ny vahoakan'i Toliara ny kandidà laharana 25, Ravalomanana Marc. Tomefy olona ny kianja. Nandray fitenenana tamin'izany ny solontenan'ny mpiasan'ny Kaominina Toliara I, izay tsy nandray vola nandritra ny 12 volana. Nitaraina koa ny tanora noho ny tsy fanana'asa. Nanamafy ihany koa ireo nandray fitenenana fa hanao izay hampiverina an-dRavalomanana Marc eo amin'ny fitondrana amin'ny fifidianana ny 7 Novambra 2018, mba hiadanan'ny vahoaka Malagasy. « Hiaraka hiasa isika, matoky anareo aho, mpanorina sy mpanangana isika fa tsy mpandrava sy mpanongana » hoy ny kandidà Ravalomanana Marc.

***Isambilo***

Tanoran'i Toliara

# Manohana ny kandidà Marc Ravalomanana

Niavaka tamin'ny fandalovan'ny kandidà Filoha Marc Ravalomanana tany Toliara ny fanambarana nataon'ireo tanora tany an-toerana. Nanambara ireo tanora ao Toliara tamin'ny fihaonany tamin'i Dada fa hanohana an'i Marc Ravalomanana.



*Ireo tanoran'i Toliara tamin'ny fihaonana tamin'i Dada ny zoma teo.*

Ny antony dia Ravalomanana ihany no afaka mametraka fandriampahalemana eto amin'ny firenena, efa nisy izany tamin'ny fotoana nitondrany. Ravalomanana ihany no mitsinjo ny hoavin'ny tanora. Ravalomanana ihany no mitsinjo ny tantsaha. Izy irery ihany no afaka miaro anay amin'ny herisetra hoy izy ireo. Izy no afaka mamoron'asa ho anay tanora. Hoy izy ireo namarana ny fanambarany: izahay tsy ho sodoka ny rendrarendra, Baba ihany no vahaolana hoy ry zareo.

***Isambilo***

Kandida miisa 21

# Nanamafy ny tokony hanaovana ho tomombana ny lisi-pifidianana

Nisy ny fivoriana lehibe nataon'ireo kandidà ho filoham-pirenena miisa 21 ny sabotsy teo. Anisan'ny niaraha-nidinika tamin'izany ny fisian'ny tsy fahatomombanana maro samihafa mikasika ny fanomanana ny fifidianana ho filoham-pirenena, izay kasain'ny CENI (Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana), hatao ny 07 Novambra ho avy izao. Anisan'ny nifanarahan'izy ireo nandritra izany fivoriana izany fa tsy ho ekena ny hanombohan'ny fampielezankevitra ho an'ny fifidianana ho filoham-pirenena, izay nolazaina fa nisokatra nanomboka omaly alatsinainy 08 Oktobra. Tsy tokony hisy izany hoy izy ireo, raha tsy foanana aloha ny hosoka rehetra amin'ny fikarakarana sy ny fanomanana ny fifidianana mba hisian'ny mangarahara. Noho izay antony izay, naneho hevitra teny an-dalambe izy ireo omaly alatsinainy 08 Oktobra izao, tetsy amin'ny kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo. Nanotrona azy ireo tamin'izany ireo mpanaradia azy ireo avy. Mampametra-panontaniana ihany ity fifidianana ity, ny ho raikitra dia ho raikitra izany, satria na milaza ny tsy fahatomombanana aza ireo kandidà, efa samy niomana sy miomana amin'izany izy ireo. Ny korontana no atahorana satria ny tompon'andraikitra rehetra nanao fanambarana ny alahady teo, mialohan'ny fanombohan'ny fampielezankevitra dia samy niantso fitoniana avokoa. Na izany na tsy izany, irariana ny hizoran'izao fifidianana izao am-pilaminana.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fampielezan-kevitra
## Misy tsy mahatanty demokrasia sahady

Fa iza no tsy mahatanty Demokrasia ? Iza no tsy mahazaka ka vao manomboka ny fampielezankevitra dia manaratsy ny hafa ? Tsotra ny valiny! Matoa haratsiana dia atahorana, matoa finganina dia heverina fa hironan'ny fon'ny olona. Gaga ny tena amin'ny olona manao izany fihetsika izany ankehitriny satria miampanga tena amin'ny fahalemeny sahady. Fa angaha moa ny fahaizana manaratsy ny hafa no hambaboana ny mpifidy fa tsy ny programan'asa ? Efa zatra mipetsompetsona ny olona mpanaratsy ny hafa ka diso fiantefa izany amin'izao fampielezankevitra izao. Ny Kandida Marc Ravalomanana no enjehan'ny sasany fa tsy mampihontsona ny kandida laharana faha-25 izany, ny mpanohana azy rahateo mavitrika hatrany, tsy mba taomina amin'ny fiara na omena vola na zaraina moto fa manohana noho ny fitiavana sy ny fahareseндahatra. Aleo lazaina ny marina fa ireo olona nanao hadalana teto amin'ity firenena ity no matahotra fadiranovana ny fahalanian'i Dada, ao ny nandroba ny harem-pirenena, ao ny nandoro trano tamin'ny 2009, ao ny mpaka tanin'olona, ao ny mpandainga, mampanantena an'izatsy sy zaroa tamin'ny fotoan'androny kanefa fampanantenana poakaty. Efa mahalala ny tokony hataony ny Malagasy ka tsy azo rebirebena intsony. Iarahantsika mahita eo ny valin'ny fifidianana fa lasan'ny Kandida Marc Ravalomanana ambongadiny io, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

Ambatondrazaka

# Manomana filaharambe mamakivaky tanàna ny KMMR

Ny alakamisy ho avy izao no fantatra fa hanao hetsika goavana amin'ny alalan'ny filaharambe voaravaka mamakivaky tanàna ny mpanohana an'i Dada, izay mivondrona ao anatin'ny K.M.M.R eto Ambatondrazaka. Haseho amin'io fotoana io ny tanjaky ny Filoha Ravalomanana Marc izay mitondra ny laharana faha-25 ato anatin'ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro sy ny manodidina, hoy andriamatoa Ralambomanana Jacquis Liva na i Liva Mozambika. Efa vonona ny amin'izany ny rehetra ary efa samy manomana ny fomba rehetra ho entina manafana io hetsika lehibe io. Efa mandeha avokoa ny fanomanana io hetsika ho tontosaina amin'ny alakamisy io, izay voalaza fa hiainga avy ao amin'ny fidinan-dRatatamo izany ary hamakivaky ny tanàna iray manontolo. Mitombo isa hatrany ihany koa ny olona izay tonga mamonjy ny fivoriana sy ny famelabelaran-kevitra izay tontosain'izy ireo ao Mozambika ao, izany hoe ao amin'ny fidinan-dRatatamo izay ahitana toerana malalaka ahafahana manatanteraka izany no toerana mahavantana ny olona indrindra fa ireo mpanohana an'i Dada. Tsy nisy noterena ireo olona tonga aty aminay ireo hoy i Liva Mozambika fa tonga an-tsitrapo noho ny fitiavany an'i Dada. Raha miasa saina amin'ny fizaram-bola araka izany ireo kandidà sasany ny KMMR kosa tsy nitaky izany fa vory amim-pitiavana sy ny fahavononana ny handrombaka ny fandresena, ka hametraka an'i Dada amin'io toeran'ny Filoham-pirenena io. Haresaka tanteraka araka izany ny tanànan' Ambatondrazaka amin'io alakamisy ho avy izao io noho ity hetsika lehibe ho tontosain'ny KMMR. ity.

***Raoul***



*Haneho ny heriny ny KMMR Ambatondrazaka.*

# Ny Valosoa sy hadihady

## Fampielezan-kevitra miaraka amin'ny « pesta »

Nisokatra omaly 8 oktobra 2018, ka tsy hifarana raha tsy ny 6 novambra amin'ny 6 ora maraina ny fampielezan-kevitra ho an'ireo kandida miisa 36, izay hiady toerana eo amin'ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara. Izany hoe iray volana eo. Amin'ny ankapobeny, efa samy vonona avokoa ireo kandida na dia hita fa mbola somary mangingina aza ny sasany amin'izao fanombohana izao. Manomboka ny fitetezana an'i Madagasikara, hijery sy hihaona ary handresy lahatra ny vahoaka hampahafantatra azy ireo ny fandaharan'asa hitondrana ny firenena Malagasy mandritry ny 5 taona ho avy. Tsy an'ny kely aina izy ity aloha ary tsy an'ny tsy manambola koa satria dia mitaky herijika sy fahaiza-manao maro samihafa ahazoana manatanteraka izany. Mazava ho azy fa ny vola no tsy maintsy mibahana ao anatin'izany rehetra izany. Hitobaka tokoa ny vola ho an'ireo kandidà sasany izay efa zatra mampiasa izany hanararaotana ny tsy fananan'ny malagasy sy ny fahantrany hividianana ny safidiny. Hiseho amin'ny endriny maro izany, ohatra amin'ny alalan'ny fizaran-javatra samihafa toy ny vary, menaka sns…, eny mety ho fizarana vola tsotra izao aza. Tsy ny vatan-tena fotsiny koa mantsy no haseho na hajoro ho hitan'ny mpifidy fa tsy maintsy mila fampahafantarana amin'ny alalan'ny haino aman-jery samihafa mialohan'ny hahatongavanao eo amin'ny toerana iray, ny fanaovana « tam tam » eran'ny tanàna, ny fitondrana artista mba hahazoana olona maro ho an'ireo manana fahefana amin'izany, ny sehatra sy ny haingony, ny fanamafisam-peo, ary vola karama ho an'ny mpanotrona tahaka ny efa fanaon'ireo kandida sasany « mpividy olona ». Mahery Ra-vola, tena miasa be amin'izao. Etsy an-kilany anefa ny aretina pesta toa misoko mangina ohatran'ny ron-gisa satria dia efa miseho any amin'ny faritra vitsivitsy eto Madagasikara. Raha ny nambaran'ny tompon'andraikitra ny fahasalambahoaka mantsy dia efa 8 amin'izao ireo tranga voamarina ka nisy ny efa sitrana, nisy ny mbola manaraka fitsaboana ary efa nisy koa ny maty. Tsy resahina izay miseho any amin'ny faritra tsy misy toeram-pitsaboana maro samihafa any. Araka ny efa fantatra dia aretina mamono vetivety raha tsy voatsabo haingana ity aretina ity. Eo indrindra no mampatahotra satria niaraha-nahita tsara ny fisavoritahana teto Madagasikara nohon'ny fiparitahan'ny valan'aretina ka namoizana ain'olona maro tamin'ny herintaona. Ny ankamaroan'ireo kandida anefa dia tsy maintsy hanao izay azony atao rehetra mba hahazoana vahoaka maro, ohatra amin'izany ny fitondrana artista kalaza maro mandritra ity fampielezan-kevitra ity. Ho tonga maro tokoa ny olona, na mpifidy na tsy mpifidy, na kely na lehibe, na antitra na tanora satria fampisehoana tsy andoavam-bola io, ny Malagasy rahateo mankafy fety. Hisy araka izany ny fifampikasohana sy fifangaroana samihafa izay tena ahamora mihitsy ny fiparitahan'ity areti-mandoza ity. Noho izany samia mitandrina daholo ihany ry Malagasy fa toa tsy dia misy miresaka loatra ity loza-mitatao ity amin'izao vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra izao. Henatra lehibe ho an'ny firenena ny mbola fisian'ity trangan'aretina pesta ity eto amintsika indrindra amin'izao taonjato iainantsika izao saingy atao ahoana e, mbola variana samy miady ny ho lohany aloha izao.

***Ny Valosoa***

LISI-PIFIDIANANA

## Betsaka ny olona tokony hifidy nefa tsy ao anaty lisitra

Mizotra hatrany ny fanomanana ny fifidianana na eo aza ny tsy fahafaliany'ny maro momba ny Lisi-pifidianana. Tsapa mantsy fa lasa aloha loatra ny fanakatonana ny Lisi-pifidianana tamin'ny volana Mey, tsy nisy rahateo ny antsoina hoe « Révision Spéciale ». Betsaka ny olona tokony hifidy saingy tsy ao anaty lisitra. Raha ny fahitana azy dia tsy ho voakitika intsony ny lisi-pifidianana hatramin'ny datim-pifidianana. Raha ny arabola kosa dia 15 Tapitrisa Dolara no voarakitra ao anatin'ny SACEM, izay tahiry hanatanterahana ny fifidianana ny taona 2017, 2018, 2019. Amin'ny taona 2019 ohatra no hanatanterahana ny fifidianana Solombavambahoaka sy ny Ben' ny Tanàna. Fa na eo aza ny tsy fahatomombanana isan-karazany dia tsy matahotra fifidianana ny mpanohana ny kandida Marc Ravalomanana. Hirohotra handatsabato ny mpomba an'i Dada. Tsy resabe no atao fa tsy maintsy lazaina ny marina ! Betsaka ny resaka etsy sy eroa, fa ny marina dia i Dada ihany no tompon'ny Lakile ! Izy no afaka hanarina ity firenena efa nisy nandoro sy voaroba ity, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

Lehiben'ny fokontany

## Notambazana tambin-karama indray

Akaiky tokoa ny fifidianana! Nizarana tambin-karama indray mantsy ireo Lehiben'ny Fokontany sy ny lefiny eo anivon'ny faritra Vakinankaratra ankehitriny. Tsy misy ny andraso andraso arak'izany fa miroso amin'ny fandoavana ireo tambin-karaman'ny Filoham-pokontany sy ny lefiny ny eto anivon'ny faritra. Nanombohana ny fizarana izany ny tao amin'ny Distrikan'i Mandoto sy Betafo. Tambin-karama mbola ny janoary hatramin'ny jona 2018 izao nozaraina izao, manodidina ny 120 000 Ar ny an'ny Lehiben'ny fokontany raha 60000Ar kosa an'ny an'ny Lefitra. Miisa 1996 ny isan'ny Lehiben'ny Fokontany sy ny Lefiny ato anatin'ny fari-piadidian'ny faritra Vakinankaratra ary efa eo ampandaminana ny fanefana izany ny anivon'ny sampandraharanan'ny fitantanam-bola eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra. Nitohy tamin'ireo distrika any amin'ny tapany avaratry ny faritra ny fanefana ireo tambin-karama ho an'ny lehiben'ny Fokontany. Ho an'ny Distrika Antanifotsy, kaominina miisa 14 manodidina azy, vola mitentina 44 640 000 Ar no anjaran'izy ireo. Ho an'ny Distrikan'Ambatolampy izay manana kaominina miisa 19 dia vola mitentina 29 160 000 Ar no hanefana izany tambin-karama izany. Velom-pisaorana ireto naharay ny tambin-karamany ireto. Efa voalamina avokoa ny fanefana izany ho an'ny distrika hafa ny andron'ny 05 oktobra dia nitohy tamin'ny ampahany amin' ny Distrikan'i Betafo sy Antsirabe faharoa. Tsy mahagaga fa efa fomba fanaon'ny HVM ny manamby vola ny lehiben'ny fokontany rehefa hisy fifidianana sy ilàna ireo mpitantana ny fokontany ireo.

***Lezama***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

### TONONKALO

### Marc Ravalomanana laharana faha- 25

Voageja manodidina,
Navela hitsingidina.
Nazera tamin`ny tany,
Fa io mipoitra ihany.

Hitondra ny mazava.
Hanangana ny rava.
Ka `zao no ifanentanana:
Fidio RAVALOMANANA.

***DADAN`i ZINA***

### NY TENY FIAINANA




***Ohabolana 16:9***

*Ny fon'ny olona mihevitra tsara ny halehany; fa Jehovah ihany no mahalavorary ny diany.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Misy maka tahaka hatrany ny hataon'i Dada N°25



**Tim Frantsa Sampana Montpellier** : mahafinaritra loatra ity sary ity. Hisy haka tahaka ndray zao, io zavatra nataon'ny Filoha Marc Ravalomanana io. Tsy ela mihitsy ireo mpanao copie-coller.

**landry Radonandrasana** : mahay mandroso kitay koa izy fa tsy mamboly vary ihany a!

**Narindra Rakotondrazafy** : sur mints e, ts hain ny paka tahak io na haka tahak az izy, mamboly vary izany tsy hain'ny kandidà hafa, i Dada dia tena tambanivohitra mpamboly sy mpiompy.

**François Andrianjafy** : tsara ny mahita ny fahorian'ny vahoaka malagasy sy ny manetry tena toy izao ataon'ny Filoha Marc Ravalomanana izao. Fidio N°25 amin'ny 7 novambra 2018 e !

**Charlot Berthin Andriamahazosoa** : hafa mitsy hoa i Dada, tena akaiky ny vahoaka, mahafantatra tsar any fahoriam-bahoaka ary afaka mamaha izany olan'ny vahoaka izany ka fidio izy amin'ny 7 novambra e!

**Marie Dorette Lds** : Dada ihany ny antsika, N°25 no harotsaka amin'ny 7 novambra.

**Ashley Morgane Gracia** : tsy afak hamaha olana enao raha tsy mahafantatra ny zava- misy. Zay no olona midina Ifotony fa tsy vita ny resabe ny fampandrosoana. Ny sasany olona tsy mandray ravin-dena akor, tsy mahalala ny olana, milaza hamaha olana nga izy ty vita resabe. Mbola hafa ny olona zatra miasa. Go 25! 25 ihany 25 hatrany.

**Andriniaina Damasy** : Zany k lehilahy mahery.

**René Solonirina Rambeloarisoa** : Mila filoha mifanahatsahana aminy ny malagasy izay tantsaha ny 85%, fa tsy mpikarakara festivals tsy mandray ravin-dena sy tsy nanitsa-potaka hatrizay niainany.

KMMR Manakara

## Am-perinasa ho fampandresena an'i Dada N°25



*Ny QG ny TIM-KMMR any Manakara.*

Am-perinasa ho amin'ny fampandresena an'i Dada N°25 amin'ny biletà tokana amin' izao fotoana izao ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), sy ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana any Manakara, faritra Vatovavy Fitovinany. Notokanana ny faran'ny herinandro teo ny QG, na ny foiben-toeran'ny TIM- KMMR any Manakara, ao amin'io toerana io avokoa ny fandrindrana ny asa rehetra momba ny fifidianana sy ny fiatrehana ny fampielezan-kevitra any antoerana, izay nanomboka omaly. Noanterin'ireo mpitarika any amin'iny faritra iny, fa manana ny maha-izy azy ny kandidà Marc Ravalomanana any amin'iny faritra Vatovavy Fitovinany iny, noho ny zava-bitany tany nandritra ny fotoana nitondrany, ka tsy anadinoan'ny vahoaka any an-toerana an'i Dada. Noho izay antony izay, ho loha-laharana eto amin'ny Nosy ny any Manakara sy ny any Vatovavy Fitovinany, ny amin'ny fampandresena ny kandidà N°25 amin'ny 7 novambra ho avy izao io.

***Ny Valosoa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Niainga tao Bel'Air ny fanombohan'ny fampielezan-kevitry ny kandida N° 25 Marc Ravalomanana omaly.**























## Salamo 14: 1-3

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 7 oktobra 2018

***Salamo 14: 1-3 Ny adala manao anakam-po hoe : tsy misy AHO JEHOVAH. Manao izay ratsy sy vetaveta ianareo, tsy misy manao ny tsara. Aty an-danitra AHO JEHOVAH miondrika mijery anareo zanak'olombelona mba ho hitako raha misy mitady AHY JEHOVAH ianareo. Indro samy efa nivily ianareo ka tonga vetaveta sy maloto avokoa. Tsy misy manao ny tsara sy marina ianareo na dia iray akory aza.***

Ny fahitako izany indrindra no nanaovako izao ASA izao: natomboko amin'ny atao hoe FIBEBAHANA izany, ny antony? Very any amin'ny helo ianareo raha tsy mandalo izany ASA izany. ASA izany satria takiana mba hataonareo. **Ny fibebahana dia fitsorana eo anatrehan'I JESOSY fa ratsy, meloka, rehefa miaiky eo anatrehany fa ratsy, mifona eo anoloany fa mihaino IZY ary tsy hamerina faharatsiana intsony**. Mila fanapahan-kevitra hentitra sy lalina izany satria tsy kilalao na andrakandrana fa antoky ny MANDRAKIZAY rahatrizay. Aoka mba ho indray mandeha alohan'ny Batisan'ny Rano ny fibebahana. Tsy halatahaka ny fibebahana fa fanombohan'ny fihaonana amin'I JESOSY. IZY no mampihavana anao AMIKO JEHOVAH. Rehefa mibebaka ianao dia ampio FIFONANA fa tsy hamerina intsony ianao fa hanomboka hahonon-tena amin'ny zavatra rehetra. Aza matahotra fa manampy anao amin'izany ny Fanahy Masina ary tsy mamela anao handeha irery izany JESOSY e! Asa ataony aminao izany. Hebreo 6: 4-6 *"Fa izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra sy efa nandray ny Fanahy Masina ary efa nanandrana ny teny tsaran'i JEHOVAH Andriamanitra sy ny herin'ny fiainana ho avy, nefa nihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin'ny fibebahana, satria manombo ny Zanak'i JEHOVAH Andriamanitra indray amin'ny hazo fijaliana ka manao Azy ho fahamenarana."* Averiko indray, ny fotoana nibebahanao ka tena tapa-kevitra fa te ho voavonjy ary te-ho zanako JEHOVAH dia kosehina ao anaty bokin-doza ny anaranao ka omeko anjely anankiray hitazona ny bokinao fa manomboka handeha amin'ny fiainam-baovao ianao ary dia indro fa afindra ao amin'ny Bokibe na ilay atao hoe **Bokin'ny Fiainana** ny anaranao. Tandremo fa rehefa tafiditra ao amin'izany rehetra izany aoka tsy hiala na mihemotra fa tsy misy fanavaozana miverimberina izany, indray mandeha ihany. Ka mahagaga ny mahita anareo mibebaka dia indro manao indray. JESOSY rehefa manafaka dia indray mandeha IZY no manao izany. Tsy hoe nesorina ny fatotra anankiray fa ny iray aoka aloha amin'ny herintaona, tsy marina izany. Indray mipi-maso dia hainy ny zava-drehetra fa ianao mibebaha dia aoka hifona eo AMINY fa tsy hamerina intsony izay ratsy vita. Aza iverenana na lalaovina ny fahotana. Izay miverina amin'izany dia tsy mino ny hoe : MPAMONJY sy MPANAFAKA JESOSY ary tsy manaiky hampanjaka AZY eo amin'ny fiainana, ka dia tahaka ny mamerina AZY hifantsika sy manombo AZY ao amin'ny hazofijaliana indray. Efa vita izany ASA izany mba hananana sy handraisanao FAMONJENA. Tsy miverimberina koa ny FAMONJENA fa indray mandeha ihany ka azo tandremana tsara, mandra-pihaviany eny amin'ny rahon'ny lanitra. Andramo ange izao e! azo atao tsara ny tsy mandainga intsony, ny tsy maka vadin'olona intsony, azo atao ny tsy mangalatra intsony, ny tsy mamono olona sy mandatsa-drà marina, azo atao tsara ny tsy manao kolikoly na manendrikendrika olona sy namana, azo atao tsara ny tsy mankahala ny hafa sy ny sisa e! indrindra fa ny miavonavona sy ny manompo andriamanin-kafa. Azonao atao tsara ny miala amin'izany rehetra izany, ary azo atao tsara ny tsy misotro zava-mahadomelina. Ataovy tsara ny fibebahanao fa manafaka anao JESOSY. Matio 3: 8: Koa mamoaza voa mendrika ny fibebahana ianareo. Ny olona vita fibebehana izany dia tsy voapetimpetin'izao fiainana izao intsony fa afaka tanteraka. Hany ka gaga ianareo mahita mpanota afaka tamin'ny fahotana sy heloka namatotra azy ireny. Ny asan'izay rehetra afaka dia milaza famonjena sy ny mpanafaka azy sady tsy menatra. Izay tena nibebaka tokoa no sahy manao izany ASA izany. Ireo ilay ambara hoe : Mpitory Filazantsara, mitory an'i JESOSY sy ny fitiavany. Vakio anie ireto teny ireto e : Filipiana 4: 6, I Timoty 2: 1. Anjara ASAn'i JAONA ny mampianatra ny fibebahana ka hoy izy, Matio 3: 11 *"Izaho dia manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana; fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy miendrika hitondra ny kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo"*, Marka 1: 3, Lioka 24: 47. I JAONA dia efa nahalala tsara ny ASA miandry azy ka hoy izy tamin'ny olona, Jaona 1: 23, Matio 3: 11ᵇ *"fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy miendrika hitondra ny kapany aza aho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo"*. Mandritr'izany fotoana ibebahanao izany dia mijery sy manara-maso anao JESOSY ary ilay anjely kosa dia manoratra tsy tapaka. Asan'ny Apostoly 19: 4 *"Fa hoy Paoly: Jaona nanao ny batisan'ny fibebahana ka nilaza tamin'ny olona hino Izay ho avy manaraka azy, dia Jesosy."* Rehefa vita ny an'I JAONA dia tohizan'I JESOSY ny ASA ka IZY indray no mamela ny helokao sy ny fahotanao. Ny tanjonay anie dia tsotra e! , II Petera 3: 9 *"Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra."* Raha tianao ny ho voavonjy, Isaia 59: 1-2 *"Indro, ny tànan'i Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy."* Vita ny asan'I JAONA tapany voalohany, ahoana indray ny manaraka? Batisan'ny Famelan-keloka.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY FAHA-3

# Nanampy ny CUA tamin'ny fanadiovana ny tanora TIM



*Ny fanadiovana natao ny sabotsy teo.*

Niaraka nientana nanadio tetsy Behoririka sy ny manodidina ny Ekipa mpanadio ny Boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny "Equipe Spéciale d'Assainissement" ny kaominina Antananarivo Renivohitra ny sabotsy maraina lasa teo, izay nanomboka tamin'ny 8 ora maraina. Niainga teo Soarano, nidina ny Magro ny faritra nodiovina voalohany ary ny faritra faharoa kosa dia Soarano niazo ny tsenan'i Behoririka, izay nipaka hatrany Antanimena . Nisy ny famafana ny lalana rehetra sy ny fandraofana ny fako izay nataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra tamin'izany. Marihana fa fitaovana maro no nampiasaina dia ny borety , kofafa, angady , ary fampiasana ireo kamiao an'ny CUA manangona ireo fako mivangongo teny an-toerana niaraka tamin'ny mpiasan'ny SAMVA . Ny anton'izao fanadiovana izao dia nohon'ny fitsirihana teny an-toerana, izay hita fa tena maloto tokoa. Nanampy ny kaominina tamin'ny fanadiovana ny tanora Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny Boriboritany faha-3. Mbola hitohy hatrany ny fanadiovana ary manentana hatrany ny mponina rehetra mba hitandro ny fahadiovana, satria ao anatin'ny "ny Tanàna Madio no ahitana ny vatana Salama". Ny CUA dia miara-miasa amin'ny rehetra amin'ny fanadiovana ny tanàna.

***Isambilo***

## Raharaham-pifidianana

# Mila saziana ireo manao ny tsy mety

Raha tsy misy ny fifampifehezana sy ny lalàna dia hanjaka ny gaboraraka mandritra ny fampielezan-kevitra sy mandritra ny fifidianana iray manontolo. Raha ho an' ny mpanohana ny Kandida Marc Ravalomanana dia tsy misy ny olana satria efa zatra manaraka fitsipika. Ny hafa no sahirana amin' ny fanarahan-dalàna. Raha ny lalàna ohatra dia tsy azo atao ny mitokana zavabita amin'ny anaran'ny fanjakana kanefa mbola tsikaritra izany fa mody amboamboarina. Ny mpiasampanjakana koa dia tsy tokony hiandany eo ampanatanterahana ny asany . Tsy azo atao ny mampiasa ny fitaovampanjakana mandritra ny fampielezankevitra. Fa eo koa ny fifampihantsiana izay efa nahazatra ny sasany. Tsiahivina fa ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenana no rafi-pitsarana mitsara ny tontolon'ny fifidianana, ka ny faniriana dia mba tena hampiharina ny sazy ho an'ny mandika ny lalàna velona. Ny tsara marihana mantsy raha ny fifidianana efa nisy teto amin'ny firenena dia tsy tena hita izay voasazy momba ny raharaham-pifidianana . Mila amboarina koa ny lalàna sasany eto amintsika fa mahatonga ny tsy tan-dalàna hanao ganagana misasa loha, sa ahoana hoy ianao ?

***Rina Rabemananjara***

## Sehatry ny fampianarana

# Tsy misy vahaolana omena ny ray aman-dreny sy mpianatra

Samy seriny sy ho variana ao anaty fampielezan-kevitra ny maro, indrindra ireo kandidà mirotsaka amin'izao fifidianana filoham-pirenena izao. Efa mazava aloha ny resaka, fa tsy mahazo miditra sy mirotsaka an-tsehatra amin'ny fampielezan-kevitra sy fanohanana kandida ny mpiasampanjakana. Eo ihany izay, fa ny fitondrana iray manontolo mihitsy no tsy tokony ho variana ao anaty fifidianana, satria ankoatra io dia goavana ny andraikitra miandry azy amin'ny asany, izay nametrahan'ny vahoaka azy ireo. Tsy ny fifidianana no olan'ny vahoaka, aleo aloha hazava ny resaka, fa ny fiainany andavanandro. Mihazakazaka manapitra hafainganam-pandeha amin'izao fotoana izao ny vidim-piainana. Miaka-bidy avokoa ireo zavatra ilain'ny vahoaka andavanandro ary manampy trotraka mafy ny ray aman-dreny Malagasy sy ny isan-tokantrano ny fampidirana zanaka any am-pianarana noho ny fisondrotry ny vidin'ireo fitaovam-pianarana rehetra mbamin'ny pitsopitsony takian'ny sekoly. Miady irery ireo ray aman-dreny ankehitriny ho amin'ny fanasoavana ny zanany na dia drodrohan'ny sondro-bidimpiainana izay sarotra inoana ny hihenan'ny tahany hatramin'ny faran'ny taona. Ny karama sy fivelomana anefa tsy nisy fisondrotany, vao mainka aza izany nihena ho an'ny sasany. Ho fanafody malefaka tsy hahasitrana aretina izay mety ho "ody" hiseho avy amin'ny fampielezan-kevitra hahazitra iray volana. Mety hanala fanaintainana vetivety ihany ho an'ny sasany, fa avy eo miaina indray ny faharariana. "Marary ny firenena", hoy ilay mpitandrina iray izay. Aretina sarotra sitranina io fa tsy vitan'ny " anamalaho" intsony. Iray lehibe amin'izany, izao olana atrehin'ny ray aman-dreny izao.

Hatreto tsy nahenoina mihitsy ny fitondrana ho amin'ny fihetsika feno fahendrena hanampiana ny ray aman-dreny sy ny mpianatra hiatrika ny taompianarana vaovao. Atao ambinambin-javatra hatrany ny sehatry ny fampianarana dia rehefa amin'ny fotoana hampifanojoana resaka politika hiarovana tombontsoa, na tsy maintsy atao noho ny antony maro samihafa, vao mody mihetsika. Fitondrana mihatsaravelatsihy? Azo inoana fa ato anatin'izao fampielezan-kevitra izao dia ho hadinodino ny mpianatra sy ny sehatry ny fampianarana, fa variana amin'ny resaka politika ny rehetra tompon'andraikitra. Ny fianarana aza angamba ho voatohintohina sy handringaringa eny mandrapahavitan'izao fifidianana izao, izay irariana ny tsy hisian'izany.

***Sôh'son***

VONDRONA EOROPEANA

## Tonga ireo mpanara-maso ny fifidianana hiasa mandritra ny fotoana tsy voafetra

Tonga eto amintsika amin'izao fotoana izao ireo mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana, izay hiparitaka manerana ny Nosy mandritra ny fotoana tsy voafetra, hanara-maso ny fifidianana filohampirenena hatao eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao. Andiany voalohany miisa 40 no tonga eto amintsika hatramin' ny sabotsy teo, izay handeha hiasa hanara-maso ny fifidianana amin'ireo faritra 22 eto amin'ny Nosy, sy ireo distrika 119. Toy ny fifidianana tamin' ny taona 2006 sy 2013 dia nasaina hanara-maso ny fifidianana eto amintsika ny avy amin'ny Vondrona Eoropeana. Hiofana mandritra ny 3 andro eto an-drenivohitra aloha izy ireo, momba ny lalàna, ny politika, ny momba ny fifidianana, sy ny serasera, izay manokana ho an'i Madagasikara. Rehefa izany, hiparitaka manerana an'i Madagasikara izy ireo, ka hiasa tsiroaroa mandritra izany., hijery amin' ny antsipiriany ny fanomanana ny fifidianana eto amintsika, indrindra ny fampielezan-kevitra, sy ny fanaraha-maso ny fifidianana mialoha, sy mandritra ary ao aorian' ny fifidianana ny 7 novambra 2018 io. Hiarahiasa amin'ny CENI sy ny tompon'andraikitra isanisany koa izy ireo amin'izany.



*Ny sasany amin'ireo mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana.*

***Ny Valosoa***

Bianco

## Vonona i Vakinankaratra hiady amin'ny kolikoly

Vonona tanteraka ny ekipan'i Vakinankaratra handray ny fanamarihana ny andro maneran-tany iadiana amin'ny kolikoly. Raha ny "journée mondiale" dia ny 09 desambra fa noho io andro io mianjera alahady dia ny zoma 07 desambra no hanamarihana ny hetsika Nasionaly eo anoloan'ny tranompokonolona. Eo amin'ny fanomanana ny pitsopitsony rehetra dia efa miasa tsara avokoa ireo vaomiera isan-tsokajiny. Ny vaomieran'ny vela-kevitra arahina ady hevitra, na ny "Conférence débat", ny vaomieran'ny fomba fiasa mirindra na ny "Standard de service", ary ny vaomieran'ny serasera sy ny fanentanana "communication et animation". Misy hatrany ny fidiran'ireo tompon'andraikitry ny Bianco avy any amin'ny foibe mandrindra ny fanomanana. Efa fidinana fanintelony izao ny fahatongavan'izy ireo izao. Alohan'ny 07 desambra dia efa misy sahady ny hetsika isan-tsokajiny, ny 24 Oktobra izao dia hisy ny fampiofanana ny ady amin'ny kolikoly amin'ireo mpanentana fandaharana amin'ny haino amanjery. Ny 31 Oktobra kosa ny velan-kevitra voalohany mahakasika ny ady atao amin'ny kolikoly hatao eny andalam-be.

***Solohery***

Fandriampahalemana

## Nahitam-bokany ny Opération Mandio tany Vakinankaratra

Madiva hifarana ilay hetsika goavana Mandio ataon'ny zandary ao Vakinankaratra raha ny fantatra. Hetsika izay entina hanadiovana sy hampandriana tany, amin'ny toerana mafampana eto Vakinankaratra sy ny manodidina izany. Azo lazaina fa nahitam-bokany ny «Opération Mandio», notontosain'ny zandarimariam-pirenena tao Vakinankaratra, tamin'iny ilany andrefan'i Vakinankaratra iny. Basy tsy ara-dalàna sy vita gasy niisa 4 no sarona tamin'izany, ary omby tsy mazava 9 no notanana ihany koa. Raha ny fanazavana nentin'i kapiteny Rakotoarimanana Jaona Marika, kaomandin'ny kaompanina Mandoto dia hifarana afaka folo andro eo ho eo ity hetsika fanadiovana satria efa nikisaka any amin'ny ilany atsimon'ny faritra Vakinankaratra ireo ekipan'izy ireo ary hipaka any amin'ny faritra Amoron'i Mania any. Tao anatin'ity hetsika ity ihany koa no nahatratrarana ireo olona nikapa Voamboana na "Palissandre", tany amin'ny faitra nanasaraka an'i Menabe sy i Vakinankaratra iny. Efa natolotra ny fampanoavana ny olona telo sarona tamin'ireo raharaha ireo ary efa notanana am-ponja avokoa.

***Lezama***

**SARIITATRA: Dada N° 25**





Ampifitia - 15 Taona

## Trano fiangonana FJKM Antohibe no tsangambato

2003 – 2018, feno 15 taona no niorenan'ny Antoko-Mpihira Fifohazana Isotry FiTIAvana na Ampifitia. Efa notanterahana ny fanokafana ny taom-pankalazana ny Alahady 28 Janoary 2018 tao amin'ny FJKM Isotry Fitiavana. Ny 28 Oktobra ho avy izao kosa no hanamarihana ny ivon'ny fankalazana amin'ny alalan'ny hetsika lehibe "Mega Concert Evangelique Live", izay hotanterahina eny amin'ny Coliseum Antsonjombe. Manomboka amin'ny 12 ora dia efa hanana anjara ireo antokompihira mpiara-miasa amin'ny Ampifitia dia ny Hosana Fjkm Ambohijatovo Fitiavana, ny Koralta Fjkm Manarintsoa Finoana, ny KT FLM Ambatovinaky. Toy ny mahazatra dia tsy misy ny vidim-pidirana fa valopy rakitra fanasana no alain'ny olona maimaimpoana hahafahan'ny tsirairay miditra sy manohana ny fananganana ny trano fiangonana FJKM Antohibe Vavolombelona ao anatin'ny Synodamparitany Antananarivo andrefana, tsangambaton'izao taom-pankalazana izao.

Mitentina 150 000 000 Ar, ny fanorenana ity trano fiangonana vaovao tsangambato ity. Mirefy 25m ny lavany ary 12m ny sakany, 8m ny haavony; mahatratra 1000 ka hatramin'ny 1500 olona no zakany. Ny Synodamparitany misy ny Ampifitia no nanendry ny toerana hanorenana izany fiangonana izany. Vondrom-bavaka teo aloha io notendreny io ho tsangamabaton'izao faha-15 taona izao. Araka ny nifanarahana tamin'ny Mpitandrina sy ny Fiangonana FJKM Antohibe dia amin'ny volana novambra vao mandray an-tanana ny raharaha mikasika izany fananganana fiangonana izany ny Ampifitia. Efa nahazo tany kosa ny FJKM Antohibe Vavolombelona, efa misy trano tôle eny, izay ahafahan'ny kristiana 300 mahery manatanteraka fotoam-pivavahana isaka alahady, izay tarihin'ny katekista voatendrin'ny SPAA 10. Ny Alarobia 21 Martsa teo no nametrahan'ny Synodamparitany tamin'ny fombam-piangonana ny maha-Fitandremana ny Fjkm Antohibe Vavolombelona.

Marihina, fa ny Alahady 30 desambra 2018 no ho fotoam-pamaranana ny taom-pankalazana, ka hisy rindran-kira ara-pilazantsara ho tanterahina ao amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina hiarahany amin'ny antoko-mpihira maro samihafa.

***Aris***





STK SPAA 10

## Nanao lasin'asa tao Antsirabe

Ambohimpihaonan'ireo tanora teo anivon'ny STK FJKM Antananarivo Andrefana ny teto Vakinankaratra. Notontosaina teto Antsirabe hatramin'ny alarobia lasa teo ka tsy nifarana raha tsy ny alahady teo ny lasin'asa fanaon'ny fikambanana STK Synodam-paritany Antananarivo Andrefana faha-10. Raha ny fanazavan'Andriamatoa Razafinjatovo Mahefason Heriniaina, filohan'ny STK eo anivon' ny SPAA 10 dia fifanakalozana sy fifampizarana traikefa eo amin'ny samy tanora ny fihaonana, ankoatry ny asa fitoriana ny filazan-tsara ka zava-dehibe ho azy ireo ny fihaonana. Nambarany fa efa fanaon'izy ireo isaky ny 2 taona ny hetsika ka miovaova ny toerana hanaovana izany. Marihina fa tanora niisa 900 avy tamina fitandremana 4 no tonga niatrika ity hetsika teto Antsirabe ity. Ny STK tao Antsirabe sy i Betafo dia isan'ny nandray anjara tamin'ity lasin'asa ity ary nisy hatramin'ny tanora loterana ihany koa nifandrimbona tamin'izy ireo. Ny harivan'ny zoma teo, nisy ny hetsika ara-kolontsaina sy fampisehoana notontosaina teo amin'ny kianjan'ny kolontsaina Antsirabe ary ny alahady teo ny famaranana ny hetsika.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**06/10/18 hatramin'ny 13/10/18**

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/020 24 627 72

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 824-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**AMBATONDRAZAKA**

# Nivoaka ny fitsipika mifehy ny asa-pitaterana vonjy maika taxi-moto



Mba hampanarapenitra ny fitaterana ato anatin' ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro sy hitsinjovana ny tombontsoan'ny samy mpitatitra ary ny vahoaka mpanjifa sy ny kaominina, ho fampanajana ihany koa ny filaminana ary ny fitsipika mifehy ny fifamoivoizana an-tanàn-dehibe dia fantatra fa namoaka fitsipika manokana ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra mahakasika ity fitaterana vonjy maika ity. Misy hatrany amin'ny andininy 22 ity fitsipika anatiny navoakan'ny kaominina ity, izay voalaza fa tsy maintsy hampiharina satria efa niaraha-nidinika tamin'ireo kaoperativa no voadiniky ny mpanolo-tsaina. Nomarihin'ny Ben'ny tanànan' Ambatondrazaka renivohitra andriamatoa Rafidimanana Louis Felicité fa asa fitaterana vonjimaika ny taxi-moto satria tsy mbola misy lalàna velona izay mamela io fitaovana io hanao izany amin'ny fomba ara-dalàna eto Madagasikara, noho izany dia azo foanana na ovaina io fitsipika misy andininy miisa 22 io, rehefa misy ny lalàna vaovao havoakan' ny fanjakana foibe. Voaresaka ao anatin'izao fitsipika izao ny karazana moto izay afaka hanaovana izany izay miankina amin'ny tanjany no vita fitsirihana ara-teknika ary tokony hanana fahazahoan-dalana manokana hitondra izany ny mpamily rehefa nahafeno ny antotan-taratasy izay mifanaraka amin'ny takian'izao fitsipika izao. Nambaran'ny Ben'ny tanàna ihany koa fa hentitra ny sazy izay homena ireo minia mandika lalàna ary mety hiafara amin'ny fahazahoan-dalana miasa mihitsy izany. Isan'ny tafiditra ao anatin'ireo izay miantoka ny fampiharana ireo andinin-dalàna ireo ny kaoperativa misy ireo taxi-moto tsirairay avy. Fantatra ihany koa fa hisy ny famoahana bokin'andraikitra vaovao ho an'ny toby fiantsonana eny Ambalabako atsy ho atsy, izay efa nampahafantarina ireo tompon' andraikitr'ireo kaoperativa tsirairay izany.

***Raoul***

Mandoto

# Nahazo fotodrafitrasa 3 goavana mamaly ny filan'ny vahoaka


Mijanona ho fahatsiarovana sisa ilay biraon'ny commune Mandoto Fahiny, trano tsy nisy rihana , simban'ny horohorontany ny 12 janoary 2017. Ankehitriny trano moderina lehibe misy efitra 9 ary misy efitrano fivoriana mendrika. Notokanana ny andron'ny tsena ny herinandro teo ireo fotodrafitrasa ilain'ny vahoaka tao an-toerana. Teo ny biraon'ny commune , ny biraon'ny kaomisaria an'ny polisim-pirenena ary ny fanitarana ny "gradin" an'ny commune fanatontosana ny lanonam-panjakana sy fialokalofan'ny vahoaka rehefa iny miandry ny fanaovana ny taratasim-panjakana iny , na koa fipetrapetrahana mandritra ny tsena. Nitarina 8m avy amin'ny andaniny sy ny ankilany ny gadin efa nisy teto taloha. Tonga nisolo tena ny fitondrana foibe tamin'izao fararanom-pitokanana izao ny Inspecteur Général Erick Michel Wouli Soumah Idrissa, Minisitry ny Filaminam-bahoaka. Hanatevina ireo vondron-tafika sy mpitandro ny filaminana eto Mandoto manomboka izao arak'izany ny polisim-pirinena, ny aty Mandoto rahateo fantatra fa ao anatin'ny Faritra Mena. Efa vonona avokoa ny fampitaovana rehetra hampihodina ny kaomisaria eto Mandoto, torak'izany ihany koa ireo polisim-pirenena hiasa eto. Niara-dalana tamin'ny fitokanana ity kaomisaria ity ny fanolorana moto 2 ho an'ny mpitandro ny filaminana. Omby iray avy amin'ny loholona no nifampizarana tamin'ny alalan'ny nofonkena mitam-pihavanana ary mbola niampy omby iray hafa avy amin'ny Minisitra. Nanome vonihanitra izao lanonana izao ireo olobe sy manan-kaja eto amin'ny firenena sy ny Prefektiora miadidy ny Faritra Vakinankaratra.

***Lezama***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 255**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0254)

***Mitsivalana***
- Tetezana
- Alona
- Toetra
- Riaka
- Tiany – In
- Nanavy
- Ala – Asa

***Mitsangana***
- Tatitra
- Elo
- Toerana
- Entina
- Zaraina
- Ka (Miv) – As
- No – Avia (Miv)
- Amy – Ny

## TENY MIFANARAKA N° 255




**Mitsivalana**

**1.** Vazivazy **2.** Menaka – Tany kely **3.** Tsy takatry ny vola – Maharitra (Miv) **4.** Manao ahoana – Ao anaty vava (Miv) **5.** Tsirin-teny Mpanao – Zandary – Mpanondro (Miv) **6.** Rano mandeha – Zana-tsoratra samy hafa **7.** Tokana **8.** Fiandohan'ny litera – Mpampiankina – Tofoka **9.** Eo amin'ny loha – Iry, tia **10.** Hazandrano

**Mitsangana**

**A.** Finoana vahiny – Tao **B.** Volana malagasy **D.** Manodidina ny vatana – Ao amin'ny rano – Naoty **E.** Mifanome hevitra (Miv) **F.** Tsofoka – Zava-maniry **G.** Kanto – Hazo maro (BR) **H.** Karatra matanjaka – Biby masiaka (Miv) **I.** Nisintaka (BR) – Nanao fangatahana (Miv) **J.** Tofoka – Efaina (Miv) **K.** Tsy anatiny

## Valiny Teny mifanaraka 0254

***Mitsivalana***

1 Fanorenana 2. Ila – Alina 3. Herinandro 4. Afaka – Maro (Miv) 5. Vary 6. Isaorana 7. No – To – Lany (Miv) 8. Ako – Maty 9. Na – Riba (Miv) – Oh 10. Afeninay

***Mitsangana***

A. Fihavanana B. Alefa – Fako (Miv) D. Narary E. Tsiky (Miv) – AN F. Rana – Aomby G. Ela – Fo – Ain(a) H. Nino – Ritra I. Androany J. Nara – Na K. Ombalahy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fotoam-pivavahana ho fangataham-pitahiana ho an'ny fifidianana sy ny kandidà N°25 tetsy amin'ny kianjan'ny Finoana Magro Behoririka.**

















